
# ALAHADY - KAREMY 2 - TAONA A



## *VOAANTSO HO AN'NY FANANTENANA ISIKA*

Ry Kristianina havana, mitodika any Addis-Abeba Etiopia ny fo amam-panahintsika amin'izao alahady faharoa ny Karemy izao. Anio tokoa no mamarana ny dingana kontinentalin'ny Sinaody Eran-tany faha-16. Enga anie hisogadina tokoa amin'ny fehin-kevitra entina any Roma ny maha-Eglizy Fianakaviam-ben'Andriamanitra ny Eglizy aty Afrika miara-dia mandray an-tanana ka zary Misionera araka ny hafatry ny Papa Md Paoly faha 6 raha nanao visite pastorale taty Afrika izy tamin'ny 1975 : ianareo afrikanina izao no misionera ho anareo afrikanina.

**Vakiteny I :** Jen. 12, 1-4a
**Tononkira :** Sal. 32,
**Vakiteny II :** 2 Tim. 1, 8b-10
**Evanjely :** Mt. 17, 1-9

Tsara koa ny manamarika fa ny litorjia dia entin'ny Eglizy hampianatra antsika hivelona ny finoana, ilay finoana ankalazaina amin'ny alalan'ny litorjia ka hitondra amin'ny finoana iainana entina eo amin'ny fiainana andavandro ijoroana vavolombelon'ny finoana inoana ka hahatonga Misionera.

Amin'izao karemy izao dia "ADY sady DIA" mitondra antsika amin'ny Paka, raha miara-maty amin'i Kristy amin'ny fahotana isika dia hiara-hitsangana amin'I Kristy, ADY amin'ny fahotana, fahotana manapotika ny fiainana no atrehintsika amin'izao karemy izao mba hiaraka hitsangana amin'i Kristy isika. Miara-DIA isika ho an'ny amin'ny Paka fitsanganan-ko velona. Ny litorija fa indrindra ireo vakiteny henontsika mandritra amin'izao Karemy izao dia manampy antsika amin'izany ADY sy DIA izany mba tsy ho very fanantenana isika. Mifanaraka tsara amin'ny dingana faharoa amin'ny Sinaody izao karemy izao. Tsy inona tokoa moa no ezaka ataontsika fa ady amin'ny fanapotehana ny tontolo iainana ka hahatonga hivelona indray ny vôkasiontsika araka ny naharian'Andriamanitra antsika rehefa nametraka antsika

tao amin'ny sahan'ny Edena. Tsy inona tokoa ny sahan'ny Edena fa ity tany ipetrahantsika ity, ity Tranobe Iombonana misy antsika ity. Irahina tokoa isika hiaro sy hikolokolo ny tontolo iainana. Tsy inona ny Paka fa i Jesoa manarina izay rehetra potikan'ny fahotana.
Ry Kristianina havana, fantantsika fa mety mafy ny ADY hatrehina, mety tsy zaka ny DIA satria mavesatra. Ambaran'ny litorjia sahady amin'izao Alahady faharoa ny karemy izao fa ny tanjona miandry antsika dia i Kristy nitsangan-ko velona, nandresy ny ratsy manarina ny rava rehetra. Fihavaozana no andrasantsika, izany no tena dikan'ny fiovan'i Jesoa tarehy teo an-tendrombohitra. Nasehon'i Jesoa Kristy tamin'ny mpianany izany fiovana tarehy izany satria fantany tokoa fa havesatra ny ADY tsy maintsy hatrehin'ireo mpianatra manoloana ny fijaliany sy ny famantsihana azy amin'ny lakroa ary ny fahafatesany ka hitondra fahakiviana amin'ireo mpianany. Milaza miara-mahita isika fa miatrika izany izy amin'izao fiainana misy antsika izao.
Amin'izao Alahady faharoa izao dia tian'ny Eglizy àry ry Kristianina havana ho feno fanantenana isika, izany no vokatra andrasantsika amin'izao Paka omanintsika izao. Aza adino fa ny Paka izay iainantsika dia mifanojo tanteraka amin'ny lohahevitry ny sinaody tapany faharoa izay iainantsika amin'izao : FIANAKAVIANA EGLIZY KELY MIARO NY TONTOLO IAINANA izany hoe isika mivelona indray ny fifandraisana potiky ny fahotana. Tsy inona ny PAKA FA I KRISTY NANDRESY NY RATSY NITSANGAN-KO VELONA MAMERINA AMIN'NY LAONINY NY FIFANDRAISANA POTIKA REHETRA.
Araka ny henontsika tamin'ny Evanjely dia miara-dàlana amintsika tokoa i Jesoa, tsy Jesoa lavitra i Jesoa izay Andriamanintsika fa Olona velona, tsy lavitra Izy fa miaraka amintsika mamakivaky an izao karemy izao ka hitondra amin'izany fanantenana izany dia ny fiovantsika ho tsara, fiovantsika ho soa ao amin'ny fiadanan'i Kristy ilay nitsangan-ko velona izay antenaintsika ary noho izany dia ho voninahitr'Andriamanitra ny fiainantsika.
Tahaka ny niantsoan'Andriamanitra an'i Abrahama ao amin'ny vakiteny voalohany no iantsoan' Andriamanitra antsika rehetra. Abrama no anarany teo am-piandohana ao amin'ny vakiteny voalohany, omen'Andriamanitra anarana vaovao izy ka lasa Abrahama izay midika fihavaozana satria nisy dingana vita. IO ILAY FIOVAM-PENITRA MAHERY VAIKA LAZAINTSIKA, CHANGEMENT RADICAL DE COMPORTEMENT. Tsy tanteraka tokoa ny fihavaozana andrasantsika raha tsy misy io fiovana mahery vaika io. Niala tamin'ny tany nisy azy i Abrahama ka niroso any amin'ny tany nampanantenaina. *"Tamin'izany andro izany, Andriamanitra nanao tamin'i Abrama hoe: "Mialà amin'ny taninao sy amin'ny fianakavianao ary amin'ny tranon-drainao mba ho any amin'ny tany hasehoko anao"*
Izany tokoa, tsy maintsy manao dingana isika, miala amin'ny ratsy ka io no ADY, mandeha amin'ny tany nampanantenaina io no DIA.
Io no andrasana amintsika amin'izao Sinaody izao. Isika olo araiky koa tsy maintsy miezaka miala amin'izao fiainana mamatopatotra antsika vokatry ny fahotana, vokatry ny fiainantsika tsy mahay mametraka an'Andriamanitra eo amin'ny fiainantsika izao. Mbola tsy mahay miara-belona amin'I Jesoa isika, ka mahatonga antsika misy zavatra maro mamatopatotra ka andevozin'ny fahotana. Izany no iantsoan'ny Eglizy antsika mandritra ny karemy hiala amin'ireny fiainana ratsy ireny izay tena ADY fa hiroso amin'ny DIA ho an'ny amin'ny Paka.
Ao amin'ny vakiteny faharoa i Md Paoly mananatra an'i Timote mba hiombona amin'i Jesoa tokoa, dia Izy no hitondra azy amin'ny tena fiainana ary dia hitondra antsika koa amin'ny tena fiainana, hialantsika amin'ny fahafatesana, fahalovana ka hidirantsika amin'ny fiainam-baovao entin'ny Paka sy ny fitsanganan'i Kristy. Izany no banjinintsika amin'ny Evanjely dia

ny Paka, i Kristy niakatra any an-tendrombohitra niaraka tamin’i Piera sy Jakoba ary Joany ka niova tarehy.
Ry Kristianina havana, miantso antsika i Kristy amin’izao Alahady faharoa ny karemy izao, miantso antsika ny Eglizy mba tsy hirefarefa, ka andao re hiaraka amin’i Kristy hampiakatra ny fiainantsika izany hoe miverina araka ny naharian’Andriamanitra ny fifandraisana na amin’ny zava-boary na amintsika samy isika na amin’Andriamanitra. Izany no Paka andrasantsika.
EFa mampahatsiaro antsika izany sahady ny pelerinajy hiarahantsika manao any amin’ny "montagne de français" : miara-dàlana amin’i Kristy, izany no dikan’ny làlan’ny hazo fijaliana ataontsika ka anaovantsika ezaka hiala ny herisetra sy ny fanapotehana isan-karazany eo amin’ny fiainan'ny fianakaviana, ny fiaraha-monina, ny tanindrazantsika, ny diosezintsika. Miara belona amin’i Kristy isika na dia mafy aza ny famolahan-tena, miakatra isika tahaka nataon’i Jakoba sy Piera ary Joany nahita an’i Jesoa niova tarehy ka faly izy ireo ary nangataka ~~aza~~ taminy hoe :"Tompo, mahafinaritra ny mitoetra aty; ka raha sitrakao, andeha hanao lay telo aty, ny iray ho Anao, ny iray ho an’i Môizy, ary ny iray ho an’i Elia”.
Ry Kristianina havana, hiova ny fontsika raha miara-belona amin’i Jesoa isika satria izy ilay mpiara-belona sy mpiara-dàlana amintsika no loharanon'ny hasoavana rehetra ka hiova ny fiainantsika. Mahafinaritra ary mahafaly ny miara-monina amin’izay mipetraka miaraka amintsika satria hafaliana sy hazavan’i Kristy no manilo antsika, ny fitiavan’i Kristy no manentana antsika ary izany no andrasantsika amin’izao fiomanantsika amin'ny Paka izao.
Inona ary ny lalana hahafahantsika hiova amin’izao ADY sy DIA ataontsika izao, inona no andrasantsika ?
Henontsika tamin'ny Evanjely androany ny nolazain’Andriamanitra mikasika an'i Kristy zanany.
" Fa raha mbola niteny izy, dia indro nisy rahona mazava nanarona azy ireo. Ary injao nisy feo avy tamin’io rahona io nanao hoe: “Ity no Zanako malalako, izay sitrako indrindra: henoy Izy”.
Izany tokoa no lalana hitondra antsika amin’ny tena fihavaozana dia ny hihainoantsika an’i Kristy mpiara-belona amintsika. Averimberina matetika amintsika ny hoe: aoka isika handray sy hamaky ny baiboly satria ao no hahitantsika ny tenin’Andriamanitra ka hodinihintsika satria io no hanilo antsika, aoka isika hivavaka, aoka isika hanompo. Izany no maha Eglizy antsika, Eglizy mivavaka mandray ny tenin’Andriamanitra, mandray ny tenan’i Kristy, izany no Eglizy mivavaka. Izany no mahatonga antsika araka ny sori-dàlana pastôraly eto amin'ny diosezy mandray ny andro Asabotsy ho andron’ny fianakaviana, hiarahana mivavaka amin’i Masina Maria ilay nahay nandray ny tenin’Andriamanitra. Raha mihaino Azy Kristy tenin'Andriamanitra isika, Izy ilay mpiara-belona amintsika, tadidintsika ny vokatr’izany tao Emaosy tamin’ireo mpianatra roalahy raha nandray ny tenin’Andriamanitra dia nirehidrehitra ny fony. Amin’izao hiarahantsika miatrika ny Sinaody handinihantsika ireo lohahevitra maromaro fa indrindra ity tapany faharoa ity izao dia mba hahatonga antsika hiara-hiady sy hiara-dalana ka ho tonga amin’ny Paka. Tsy hirefarefa amin’ny tany intsony fiainantsika satria hahay hiaro ny tontolo iainana. Ny fiakarantsika eny amin’ny la Montagne tsy ho ela dia tandindon’ny nataon’i Jesoa sy mpianany. Hiaraka hiakatra an-tendrombohitra koa isika ka hiala amin’ireny herisetra sy ny hetraketraka amin’ny toerana misy antsika tsirairay avy ireny ka ho "famindram-pon’Andriamanitra » isika tsirairay ary hanambara an’izany famindrampon’Andriamanitra izany ka hanatanteraka ny asa fito ara-nofo sy asa fito ara-panahy ary indrindra ny fiarovana sy ny fikolokoloana ny tontolo iainana. Izany no

hitondra antsika amin'ny fanantenana, izany no Paka fandalovana ka hitondra fihavaozana tokoa eo amin'ny fiainantsika.

Ry Jesoa tompo ô, niova tarehy teo imason'ireo mpianatrao ianao mba tsy hahakivy azy ireo amin'ny ADY sy DIA mankany amin'ny Paka, tsy maintsy mandalo amin'ny hazo fijaliana. Ampio izahay tsy hiraviravy tànana tsy hatahotra fa hatoky ny fahasoavanao ka hararaotinay tokoa izao fotoana izao hiarahanay hiakatra aminao, hampiakatra ny fiainanay izahay ka hiala amin'ny fitiavan-tena, ny fialonana, ny avonavona izay mahatonga ny herisetra sy ireny fanapotehana maro isan-karazany fa indrindra ny fanapotehana ny tontolo iainana. Ampio izahay hampanjaka ny tena fifankatiavana, hampanjaka ny rariny sy ny hitsiny, izany no dikan'ny fiovana izay tsy maintsy mandalo amin'ny hazo fijaliana. Ho fo vaovao no entinay mankalaza ny Paka ka mandalo amin'ny zavatra mamatopatotra anay, mandalo amin'ny fanandevozan'ny fahotana izahay ka hamaly ny antsonao tahaka an'i Abrahama sy hiala amin'ny fiainana tranainy ary hiditra amin'ny fiainam-baovao amin'izao Paka izao. Matoky ny fahasoavanao sy ny fanampianao izahay. Masina Maria Reny mivavahà ho anay amin'ny ADY atrehina handresy ny ratsy, vonona hibebaka tokoa izahay. Tantano ny dianay mankany amin'ny Paka. Md Josefa Ray Mpiaron'ny Eglizy arovy izahay tsy ho resin'ny fakam-panahy mila handrendrika anay. Ampio ny Fianakaviana Eglizy kely fa indrindra amin'izao Sinaody izao mba hahatsiaro mandrakariva ny adidiny indrindra ny fiarovana ny tontolo iainana izao. Amen

Mompera Arseveka Mgr Benjamin Ramaroson